

# Mifohaza!

MEY 2012



Hohenoina Ihany ve  
**IREO MITAKY NY RARINY?**



# Mifohaza!

ISAN'NY NATONTA 41 042 000

MIVOAKA AMIN'NY FITENY 84

## Hohenoina Ihany ve **Ireo Mitaky ny Rariny?**

- 3 Mankarary Fo ny Tsy Rariny**
- 4 Ny Mahatonga ny Tsy Rariny**
- 6 Manaova ny Rariny**
- 8 Hampanjaka ny Rariny ny Fanjakan'Andriamanitra**
  
- 10 Inona no Lazain'ny Baiboly?  
Nahoana no 'Manafaka Antsika ny Marina'?
- 12 "Oay Izany Orona!"
- 15 Tanteraka ny Faminanian'ny Baiboly—Fizarana 1
- 19 Manontany ny Tanora Hoe...  
Maninona àry no Tsy Azon-dry  
Zareo Mihitsy ny Hevitro?
- 22 Nisy Namorona Ve?  
Ny Elatry ny Voangorin'i Namib
- 23 Efitrano Fanjakana 1000  
any Malawi
- 26 Fanafihana Hafakely
- 29 Topy Maso Eran-tany
- 30 Natao Hodinihin'ny Mpianakavy
- 32 'Tsy Hitamberina ao Am-po  
Intsony ny Zavatra Taloha'





## MANKARARY FO NY TSY RARINY

**N**IGADRA 27 taona tao amin'ny fonjan'i Texas, any Etazonia, i Michael satria ne-drikendrehina ho nanolana olona. Nafahana izy tamin'ny 2010, rehefa voaporofa tamin'ny fitsirihana ADN hoe tsy meloka. Mbola tsy nisy an'io karazana fitsirihana io tamin'izy no-melohina. Fantatra, tat� aoriana, hoe iza no tompon'andraikitra tamin'ilay heloka bevava nefo tsy azo nomelohina intsony izy ireo satria efa ela loatra no nitrangan'ilay izy.

Maro ny mpanao heloka bevava afa-maina. Izao, ohatra, no lazain'ny gazety *Telegrafy* (anglisy): "Nitombo avo roa heny ny raharaha tsy voalamina momba ny famonoana olo-na [at� Grande-Bretagne], tato anatin'ny folo taona, ka lasa matahotra ny olona hoe tsy mahavita mandamina ny heloka bevava ny polisy sy ny fitsarana."

Karazana heloka bevava hafa mihitsy no ne-zahin'ny polisin'i Angletera nalamina, tamin'

ny Aogositra 2011: Rotaka tany Birmingham, Liverpool, Londres, ary tany an-toeran-kafa. Teo koa ny fandoroana fananan'olona, fani-mbana varavarankely, fandrobana, ka tsy fivaro-tana sy trano ary fiara fotsiny no simba fa nisy koa lasa very asa. Maro no nanao izany satria tsy afa-po amin'ny fainana na nihar'an'ny tsy rariny. Misy milaza fa mety ho tanora tsy afa-manoatra, "voailikilika", mahanta, ary tsy manana fanantenana no nanao izany.

Hoy i Joba ao amin'ny Baiboly: "Miantso vonjy aho, nefo tsy mahazo rariny." (Joba 19:7) Maro koa ankehitriny no mitaky ny rarin'y nefo matetika izany no tsy misy vokany. Misy mahavita manala ny tsy rariny tokoa ve anefa? Adala ve izay mihevitra fa mbola hanjaka ny rariny? Tsy maintsy mandinika ny antony sasany mahatonga ny tsy rariny isika mba hahazoana valiny mahafa-po.


# Ny Mahatonga NY TSY RARINY

**E**FA ho 2000 taona izay ny Baiboly no nilanya za ny ho fomba fiainan'ny olona ankehitriny. Tena marina ilay voalazany hoe: "Amin'ny andro farany, dia hisy fotoan-tsarotra tsy mora setraina. Fa ny olona ho tia tena, ho tia vola, ... tsy hisaotra, tsy ho mena-mivadika, tsy ho tia ny mpianakaviny, tsy ho azo ifanarahana, ... tsy ho tia ny tsara, ho mpamadika, ho be di-doha, ho mpieboebo, ho tia fahafinaretana fa tsy ho tia an'Andriamanitra."—2 Timoty 3:1-4.

Lasa fahita ankehitriny tokoa ireo toetra ratsy ireo. Miharihary, ohatra, hoe tsy mety afapo ny olona, manavakavaka, tsy miraharaha ny hafa, tia kolikoly, ary tena tsy mitovy ny fari-piaianany. Andao hojerentsika tsirairay ireo.

**TSY METY AFA-PO.** Betsaka ny olona mieritreritra fa ho salama sy ho sambatra izy rehefa misy zavatra iriny ho azo foana. Tsy marina anefa izany. Matetika, ohatra, ny olona tsy mety afapo no manao hosoka, misoloky, ary misambobola sy mampindram-bola lava. Olona maro no efa nahita faisana tamin'izany, ohatra hoe bankirompitra. Marina fa olona tsy mety afa-po ny sasany amin'izy ireo, nefo koa misy olontsotra miasa mafy nefo namoy trano sy fampaipiana.

**MANAVAKAVAKA.** Mitsara ny hafa tsy ara-drariny ny olona manavakavaka ka mijery ny firazanan'ny olona, ny volon-kodiny, ny fari-piaianany,



A

ny fivavahany, ary ny hoe lahy izy sa vavy. Hitan'ny komity iray ao amin'ny Firenena Mikambana, ohatra, fa maty ny vehivavy iray bevohoka tany Amerika Atsimo rehefa tonga tany amin'ny hopitaly, satria tsy noraharahan'ny tany amin'ny toeram-pitsaboana iray, noho ny firazanany sy ny fahantrany. Misy foko aza roahina avy ao amin'ny faritra iray na aripaka, noho ny fanavakahana tafahoatra. Tsy rariny izany!

**TSY MIRAHARAHANA NY HAFA.** Hoy ny famintinana ny boky iray miresaka momba ny tsy firaharaha ny hafa: 'Fianakaviana an'aliny isan-taona no rava, olona ana hetsiny no bankirompitra, ary zavatra mitentina an-tapitrisany dolara no simba, vokatry ny tsy firaharaha ny hafa. Mielly patrana loatra ny heriseta ankehitriny. Tsy mahagaga àry raha milaza ny mpahay tantara hoe ny tsy firaharaha ny hafa no mampiavaka ny faramparan'ny taonjato faha-20, fa tsy ny fandrosoana teo amin'ny serasera sy ny dia ana habakabaka. Ny mpiara-monina ihany no mifanimba.' Tamin'ny 1997 no natao pirinty io boky io, ary tsy nihatsara mihitsy ny toetran'ny olona hatramin'izao.

**TIA KOLIKOLY.** Milaza ny tatintra iray momba ny kolikoly any Afrika Atsimo fa nisy vola efatra

Ambony havaia: © Adam Dean/Panos Pictures; Asity/Demotix/CORBIS; ambony atavany: © David Turnley/CORBIS

## Mifohaza!

**NATONTA ITY GAZETY ITY** mba hanome

fahalalana ny fianakaviana manontolo.

Mampiseho ny fomba iatrehana ireo olona ankehitriny izy ity. Milaza vaovao sy manazava momba ny olona any amin'ny tany maro koa izy ity, ary mamakafaka ny fivavahana sy ny siansa. Tsy izay ihany anefa, fa mandarin-javatra izy ity, ka milaza ny tena hevitra fonosin'ireo fisehoan-javatra farany. Tsy momba ny atsy na ny aroa amin'ny politika mihitsy anefa izy ity, ary tsy manindrahindra firazanana na inona na inona. Izao anefa no zava-dehibe indrindra: Ity gazety ity dia manao izay itokisana amin'ny fampantanteran'ny Mpamorona, dia ny hanorina tortolo vaovao miadana sy mandry feizay, izay efa hisolo ny tortolo ratsy sy tsy tan-dalàna ankehitriny.

Tsy natao hamidy ity gazety ity. Ny famoahana azy ity dia anisan'ny asa fampianaranàna Baiboly maneran-tany tohanana amin'ny fanomezana an-tsitraro. Raha tsy misy fanamanihana manokana, dia azy amin'hy dikan-teny maoderina hoe Ny Soatra Masina—Fandikan-tenin'ny Tontolo Vaovao ny andinin-teny ato.

*Awake!* (ISSN 0005-237X) is published monthly by Watchtower Bible and Tract Society of New York, Inc.; L. Waeaver, Jr., President; G. F. Simonis, Secretary-Treasurer; 25 Columbia Heights, Brooklyn, NY 11201-2483, U.S.A. **FIOVAM-PONENANA:** Omeo anay ny adresinavao vaovao sy taloha. © 2012 Watch Tower Bible and Tract Society of Pennsylvania. Tsy azo adika na alain-tahaka. Printed in Japan.



B



D

- A.** Polisy any Chine, misambotra lehilahy iray nandray anjara tamin'ny adim-poko  
**B.** Fandrobana sy fanimbana fananan'olona tany Londres, any Angleterre  
**C.** Olona mahanttra faraidiny any amin'ny tobin'ny mpitsoa-ponenana any Rwanda

arivo tapitriza dolara amerikanina natao hanampiana ny sampan-draharahan'ny fahasalamana tany amin'ny faritra iray. Ny 81 isan-jato mahery tamin'izany no nisy nanodinkodina, nandritra ny fito taona. Milaza ny gazety iray fa tsy nampiasaina tamin'ny "fikojakojana ny hopitaly sy ny tobim-pahasalamana tao amin' ilay faritra" akory ny vola natokana ho amin' izany.

**FARI-PIAINANA TSY MITOVY MIHITSY.** Voalazan'ny tatitra iray tao amin'ny gazetiboky *Fotoana* (anglisy) fa tamin'ny 2005, dia efa ho ny 30 isanjaton'ny vola miditra any Grande-Bretagne sy ny 33 isan-jato Maherin'ny vola miditra any Amerika no "nankany amin'ny 5 isan-jaton'ny mpanndraharaha manam-bola indrindra" tany amin' ireo tany ireo. Olona 1400 tapitriza eo ho eo eran-tany anefa no tsy mahazo afa-tsy iray dolara amerikanina eo ho eo isan'andro mba hivelomana, ary ankizy 25 000 isan'andro no maty satria mahanttra.

### Hisy vahaolana ihany ve?

Nametra tanjona ny praiminisitra tany Australia tamin'ny 1987 fa tsy hisy ankizy mahanttra intsony any, amin'ny 1990. Tsy tanteraka

mihitsy anefa izany. Ilay praiminisitra aza nannena tamin'ny teniny.

Tsy hahavita hanafoana ny tsy rariny tokoa ny olona, na manana fahefana toy inona aza ary na manankarem-be toy inona aza, satria olombelona ihany. Na ny manana fahefana koa aza mba iharan'ny tsy rariny sy miabantitra ary maty. Mampahatsiahy antsika an'ireto tenin'ny Baiboly ireto izany:

*'Tsy natao hitondra samirery ny fiainany ny olona.'*—Jeremia 10:23.

*'Aza matoky ny olona ambony izay tsy mahavonjy.'*—Salamo 146:3.

Raha ekenao fa marina ireo teny ireo, dia tsy ho diso fanantenana ianao rehefa tsy misy vokany ny ezaka atao'ny olona. Tsy misy azo antenaina intsony ary ve? Tsia. Efa manangasanga ny tontolo vaovao hanjakan'ny rariny, araka ny ho hitantsika ao amin'ny lahatsoratra farany amin'ity andian-dahatsoratra ity. Misy zavatra azontsika atao anefa alohan'izay. Afaka mandini-tena isika ka mieritreritra hoe: 'Afaka manao ny rariny kokoa ve aho rehefa mifandray amin'ny hafa? Inona no azoko hihtsarana?' Ireo no hovalian'ny lahatsoratra manaraka.

**FITENY:** Afrikaans, albaney, alemà,<sup>+</sup> amharique, anglisy,<sup>+</sup> arabo, armenianina, bichlamar, boligara, cebuano, chichewa, chitonga, cinghalais, danoà,<sup>+</sup> espaniola,<sup>+</sup> estonianina, éwé, failandey,<sup>+</sup> fidjianina, frantsay,<sup>+</sup> géorgien, goujrati, grïka, hebreo, hiligaynon, hindi, holandey,<sup>+</sup> hongroà, ibo, icibemba, iloko, indoneziarianina, iokrenianina, islandey, italiano,<sup>+</sup> japoney,<sup>+</sup> kannada, kinyarwanda, kirghiz, kirundi, koreanina,<sup>+</sup> kroat, letonianina, lingala, litoanianina, masedonianina, malagasy, malayalam, maltais, myama, norvezianina,<sup>+</sup> ourdou, pendjabi, poloney,<sup>+</sup> portugey,<sup>+</sup> rototonga, romanianina, rosianina,<sup>+</sup> samoanina, sepedi, serba, sesotho, shona, silizo, sinoa (nentim-paharazana)<sup>+</sup> (noraisim-peo amin'ny teny mandarin ihany), sinoa (notosrina), slovak, slovenianina, soedoà,<sup>+</sup> swahili, tailandey, tagalog,<sup>+</sup> tamoul, tiorka, tok pisin, tongan, tseyki,<sup>+</sup> tsonga, tswana, twi, vietnamianina, xhosa, yorobà, zoloa

**MISY FANONTANIAAO VE SA TE HIANATRA BAIBOLY MAIMAIM-POANA ANY AN-TRANANO IANAO?** Manorata àry any amin'ny Vavolombelon'i Jehovah, any amin'ny iray amin'ireto adresy ireto. Raha mitady ny adresin'ny biraon'ny sampana rehetra ianao, dia jereo ny [www.watchtower.org/address](http://www.watchtower.org/address). Afrika Atsimo: Private Bag X2067, Krugersdorp, 1740. Alemania: 65617 Selters. Belizika: rue d'Argile-Potaerdestraat 60, B-1950 Kraainem. Etazonia: 25 Columbia Heights, Brooklyn, NY 11201-2483. Frantsa: BP 625, F-27406 Louviers cedex. Grande-Bretagne: The Ridgeway, Londres NW7 1RN. Hong Kong: 4 Kent Road, Kowloon Tong. Japon: 4-7-1 Nakashinden, Ebina City, Kanagawa-Pref. 243-0496. Kanada: P.O. Box 4100, Georgetown, ON L7G 4Y4. Madagasikara: BP 116, 105 Ivato. Maoris (Nosy): Rue Baissac, Petit Verger, Pointe aux Sables. Rosia: P.O. Box 182, 190000 Saint-Pétersbourg.

<sup>+</sup> Misy amin'ny CD koa. <sup>+</sup> Misy amin'ny CD MP3 koa.

<sup>+</sup> Misy gazety noraisim-peo koa ao amin'ny [www.jw.org](http://www.jw.org).

# Manaova NY RARINY

**T**IAN'NY Mpamorona ho sambatra sy hia-dan-tsaina ary hanao izayahasambatra ny hafa isika. Asainy "hanao ny rariny" sy ho "tia hatsaram-panahy" ary isika. (Mika 6:8) Ahoana no hanaoantsika an'izany? Misy toe-tra tokony hananantsika, araka ny asehon'ny Baiboly.

**RESEO NY FANIRIANA TSY METY AFA-PO.** Ny fitiavana no tena ahafahana mandresy ny fani-riana tsy mety afa-po. Tsy fitiavana vokatry ny fihetseham-po fotsiny izy io na fitiavana eo amin'ny lahy sy ny vavy, fa fitiavana tsy misy fitiavan-tena. Milaza ny 1 Korintianina 13:4, 5 fa "tsara fanahy" sy "tsy mitady izay hasosoa ny tenany" ny olona manana an'io fitiavana io. Tsy ny havany sy ny namany fotsiny koa no tiany. Hoy i Jesosy: "Fa raha izay tia anareo ihany no tianareo, inona no valisoa azonareo?" Nilaza izy avy eo fa na ny olona tsy mahalala an'Andriamanitra aza mba tia an'izay tia azy ireo.—Matio 5:46.

**AZA MANAVAKAVAKA INTSONY.** Hoy ny Asan'ny Apostoly 10:34, 35: "Tsy mizaha tavan' olona Andriamanitra, fa amin'ny firenena rehetra, izay olona matahotra azy ka manao ny marina no ankasitrahany." Tsy miankina amin'ny firazanan'ny olona iray na ny sarangany na ny hoe lahy izy na vavy no hamonjen'Andriamanitra azy. Eo imasonry, dia "tsy misy intsony na Jiosy na Grika, na andevo na tsy andevo, na lahy na vavy." (Galatianina 3:28) Tsy hanavakavaka intsony isika raha manahaka an'Andriamanitra. Diniho ny tantaran'i Dorothy, any Etazonia.



*Tsy hanavakavaka intsony isika raha manahaka ny fitiavan'Andriamanitra*

Tsy tantin'i Dorothy ny nahita olona navakahana ka te handray anjara tamin'ny tolo-na ampiasana fitaovam-piadiana izy, mba hanamaivanana ny maity hoditra. Nanatrika fivorian'ny Vavolombelon'i Jehovah anefa izy, ary gaga be satria samy nandray tsara azy ny maity sy ny fotsy hoditra. Vetivety dia tsapany hoe Andriamanitra ihany no afaka manova olona. Nilaza izy fa "ho novonoiny avy hatrany [ny fotsy hoditra] mba hitondrana fa-

*Firuddin sy Zahra vadiny*



novana.” Hitany anefa hoe tena tia azy ny Vavolombelona fotsy hoditra ka “nihetsi-po be” izy ary nigogogogo tsy hay nampanginina.

**HEVERO NY HAFA.** Mpimamo, mpanevateva, mpanao an-keriny, ary mpiliba ny sasany tamin’ny mpanara-dia an’i Jesosy, tamin’izy ireo mbola tsy Kristianina. Niova anefa izy ireo noho ny fanampian’Andriamanitra ka lasa be fitiavana sy tsara fanahy ary tsara toetra. (1 Korintianina 5:11; 6:9-11; Galatianina 5:22) Olona an-tapitrisany koa ankehitriny no niova ka lasa nanompo an’Andriamanitra. Anisan’izany i Firuddin, any Azerbaïdjan.

Notezaina tao amin’ny trano fitaizana zaza kamboty i Firuddin ary mpiady tamin’ny anki-zilahy hafa. Lasa mpampianatra ady izy rehefa lehibe. Hoy izy: “Nasiaka be aho sady na-hery setra. Tonga dia nasiako i Zahra vadiko raha nisy zavatra hadinony rehefa nisakafo, na hazokely iray fisokira-nify aza. Tonga dia nasiako koa izay nijerijery azy rehefa niaraka teny an-dalana izahay.”

Gaga i Firuddin rehefa nahalala fa nangataka tamin’Andriamanitra i Jesosy mba hame-la ny helok’ireo miaramila namantsika azy. (Lioka 23:34) Nieritreritra izy hoe: ‘Raha tsy Zanak’Andriamanitra tsy hahavita an’izany.’ Te hahafantatra an’Andriamanitra izy taorian’izay. Nasain’ny Vavolombelon’i Jehovah hianatra Baiboly izy ary nanaiky avy hatrany. Vettivety dia nihatsara ny toetranы. Lasa tsara fanahy be tamin’i Zahra izy ka te hianatra Baiboly koa i Zahra. Miara-manompo an’Andriamanitra izao izy mivady.

Marina fa tsy hanova an’izao tontolo izao ny ezaka vitantsika. Ahoana anefa raha mikasa hampanjaka ny rariny eto an-tany Andriamanitra? Izy rahateo mahavita an’izany! Hitantsika tao amin’ny lahatsoratra teo aloha koa fa tanteraka amin’ny an-tsipiriany ny 2 Timoty 3:1-4, izay milaza mialoha ny toetran’ny olona amin’ny androntsika, ary tsy io ihany ny faminanian’ny Baiboly efa tanteraka. Tsy hoe adala àry isika raha mino ny fampantanenan’Andriamanitra hanala ny tsy rariny. Tena hotanterahiny izany. Amin’ny fomba ahoana?



## NIKATSAKA NY RARINY I HEIDE

Hoy i Heide, any Etazonia: “Tsy tanti-ko ny nahita fanavakavaham-bolon-koditra, ady, fahantrana, ary tsy rariny hafa, ka nitady vahaolana aho. Nandray anjara tamin’ireo hetsiky ny mpi-taky zo aho ary nidittra tamin’ny anto-ko politika, nefo toa tsy hitako izay vokany.

“Hitako hoe fanovana lehibe kokoa no ilaina, ary hoatran’ny nety ny tolo-na nataon’ny hippie. Tsy nahomby koa anefa izany. Hitako fa ny firaisansa sy ny zava-mahadomelina ary ny hira rock no mahaliana kokoa azy ireo fa tsy ny hiton-dra fanovana. Kivy be àry aho ka nadraiki-narary. Nihaona tamin’ny Vavolombelon’i Jehovah aho ary nasehony ahy tao amin’ny Baiboly ny fiovana kasain’Andriamanitra hatao. Nasehony ahy, ohatra, ny Apokalypsy 21:3, 4 izay milaza fa hofoanan’Andriamanitra ny ranomaso rehetra, ny alahelo, ny fita-rainana, ary ny fanaintainana. Ireo matetika no vokatry ny tsy rariny. Nieritreritra aho hoe: ‘Dia ho tanteraka tokoa ve izany?’

“Resy lahatra aho rehefa hitako tao amin’ny Soratra Masina hoe ma-hery sy be fitiavana Andriamanitra ary hitako hoe mifankatia ny Vavolombe-lon’i Jehovah. Tsy andriko izao izay ha-hatanterahan’ny fampantanenan’Andriamanitra.”

# Hampanjaka **NY RARINY** ny *Fanjakan'Andriamanitra*



**A** SEHON'NY Baiboly fa kely sisa dia hanova an'ity tontolo ity Andriamanitra. Ny Fanjakan'Andriamanitra irery no hitondra ao amin' ilay tontolo vaovao ary i Jesosy Kristy no Mpanjakany. (Apokalypsy 11:15) Ahoana no hanafanany ny tsy rariny? Zavatra roa no hataony.

**1. Hofoanany ny fitondran'olombelona tsy maha-vita azy sy anjakan'ny tsy rariny.** Hoy ny Daniela 2:44: "Amin'ny andron'ireo mpanjaka ireo [fitondrana], dia hanorina fanjakana tsy ho rava mandrakizay ilay Andriamaniry ny lanitra ... Hototorotoin'izy io sy hofoanany ireo fanjakana [naorin'olombelona] rehetra ireo, fa izy kosa haharitra mandritra ny fotoana tsy voafetra."

**2. Horinganiny ny ratsy fanahy ary harovany ny olo-marina.** Hoy ny Salamo 37:10: "Rehefa afaka kelikely, dia tsy hisy intsony ny ratsy fanahy." Hoy ny andininhy 28: "Tia rariny i Jehovah, ka tsy hahafoy an'izay tsy mivadika aminy. Ho voaro mandritra ny fotoana tsy voafetra izy ireo."

Ho hitan'ireo olona "tsy mivadika" ireo ny fahatanterahan'ity vavaka nampianarin'i Jesosy ity: "Ho tonga anie ny fanjakanao! Hatao ety antany anie ny sitraponao, tahaka ny any an-danitra!" (Matio 6:10) Inona no sitrapon'Andriamanitra momba ny tany?


**Rehefa hanjaka eto an-tany  
ny Fanjakan'Andriamanitra, dia...**

**Tsy hisy intsony ny kolikoly sy ny fampahoriana.** Hoy ny Hebreo 1:9 momba an'i Jesosy Kristy: "Tianao ny fahamarinana, fa halanao ny fandi-

kan-dalàna." Mpitonundra tia rariny i Jesosy ka hamonjy "ny mahantre miantsvo vonjy, mbaminy ory sy izay rehetra tsy manan-kamonjy. ... Hanavotra ny ain'izy ireo amin'ny fampahoriana sy ny herisetsra izy, ary ho sarobidy aminy ny ran'izy ireo."—Salamo 72:12-14.

**Hahazo sakafotondraka ny rehetra.** "Hahavokatra tokoa ny tany. Hitahy antsika Andriamanitra, eny, ilay Andriamanitsika." (Salamo 67:6) "Hahavokatra be ny tany, ary na eny an-tampon-tendrombohitra aza dia ho be ny yokatra." (Salamo 72:16) Nasehon'i Jesosy izay hataony rehefa ho mpanjakan'ny Fanjakan'Andriamanitra izy. Olona an'arivony no indray nomeny sakafotondraka ny fomba maha-gaga.—Matio 14:15-21; 15:32-38.

**Hanjaka ny rariny ary tsy hisy hahasakana izany.** "Tsy misy zavaboary izay tsy mibaribary eo [imason'Andriamanitra], fa ny zavatra rehetra dia mihanahanja sy miharihary eo imason' ilay hanao ampamoaka antsika." (Hebreo 4:13) Hoy ny Baiboly momba an'i Kristy: "Tsy hitsara araka izay hitan'ny masonry fotsiny izy, na hananatra araka izay ren'ny sofiny, fa araka ny rariny no hitsarany ny mahantre, ary araka ny hitsiny no hananarany ny olona ho tombo-ntsoan'ny mpandefitra eto an-tany."—Isaia 11:3, 4.



**Hahazo sakafo tondraka ny rehetra, hanjaka ny rariny, ary tsy hisy fanavakavahana intsony, rehefa hanjaka ny Fanjakan'Andriamanitra**

### **Hanjaka tsy ho ela ilay Fanjakana**

Efa akaiky hifarana ity tontolo ity matoa miharatsy be toy izao ny fainana. Hoy ny Salamo 92:7: "Rehefa mitsiry tahaka ny ahitra ny ratsy fanahy, ary miroborobo ny mpanao ratsy rehetra, dia midika izany fa ho ringana mandrakizay izy ireo." Inona no tokony hataonao mba hankasitranan'Andriamanitra sy harovany? Hoy i Jesosy Kristy: "Koa mba hahazoan'izy ireo faina-

na mandrakizay, dia ilainy ny mianatra hahalala anao, ilay hany tena Andriamanitra, sy Jesosy Kristy, ilay nirahinao."—Jaona 17:3.

Te hahazo an'izany fahalalana sarobidy izany ve ianao? Miresaha àry amin'ny Vavolombelon' i Jehovah, toy ny nataon'i Heide sy Dorothy ary Firuddin, izay voaresaka tany aloha. Ho faly izy ireo hamaly ny fanontaniana, sady maimaimpoana izany.



### **NY FAINANA MIHITSY NO TOA TSY RARINY**

Mipetraka any Etazonia i Emily. Hita hoe voan'ny kanseran'ny ra izy, tamin'izy fito taona. Tsy toy ny sery na gripa mpahazo ny namany izany. Mampi-jaly be sady mitohy foana kosa ny fitsaboana atao

aminy, anisan'izany ny fitsaboana simika. Hoy i Emily: "Mampahatahotra be ilay voan'ny kanseran'ny ra!"

Tsy mamoy fo i Emily na dia mafy aza ny mahazo azy. Miandry ny hahatongavan'ny Fanjakana'Andriamanitra kosa izy, satria amin'izay dia "tsy hisy mponina hilaza hoe: 'Marary aho.'" (Isaia 33:24) Hoy i Emily: "Ny Marka 12:30 no andinin-teny tiako indrindra, ilay hoe: 'Tiavo i Jehovah Andriamanitra amin'ny fonao manontolo sy ny tenanao manontolo sy ny sainao manontolo ary ny herinao manontolo.' Ataon'i Jehovah mahery aho rehefa mivavaka aminy. Misaotra azy aho satria eo ny fianakaviako sy ny mpiara-mivory aminy. Manampy be ahy koa ilay fampanantenana hoe hisy Paradisa ao amin'ny tontolo vaovao."

## Nahoana no 'Manafaka Antsika ny Marina'?

**A**NTAPITRISANY no mihevitra ny tenany ho olona afaka, nefo tsy izany akory no izy. Maro, ohatra, no andevozin'ny finoanoam-poana. Ny hafa kosa matahotra ny maty ka mandany vola be mba hanaovan-javatra hampitonena ny maty. Misy koa tsy mahalala an'izay mitranga amin'ny maty ka matahotra loatra ny ho faty. Sady miasa saina, no mitaintaina, no lany vola be ny olona toy izany. Azo afahana amin'izany ve izy ireo? Eny. Ny marina no manafaka, araka ny tenin'i Jesosy Kristy etsy amin'ny lohateny. Ny marina momba ny inona anefa?

Mazava ny valiny nomen'i Jesosy: "Raha tsy miala amin'ny *teniko* ianareo dia ... ho fantatrareo ny marina, ary ny marina hanafaka anareo." (Jaona 8:31, 32) Ao amin'ny Baiboly ny 'tenin'i Jesosy', izany hoe ny fampianarany.

Ny fanafahana amin'ny ota sy fahafatesana no tian'i Jesosy holazaina rehefa niteny an'izany izy. Raha mahalala ny marina ao amin'ny Tenin'Andriamanitra koa anefa ianao, dia ho afaka amin'ny finoanoam-poana, tahotra ny maty, tahotra mafy ny ho faty, ary ny zavatra hafa.

**1. Afaka amin'ny finoanoam-poana.** Maro no mino fa maharatsy vintana ny tarehimarika na zavatra sasany. Ny hafa indray tsy mandray fanapahan-kevitra lehibe raha tsy manontany mpanandro mahay, na mijery tononandro, na manatona mpamoha angatra.

**Manafaka ny fahamarinana ao amin'ny Baiboly:** Lasa ninonino foana ny sasany tamin'ny vahoakan'Andriamanitra fahiny, ary nisy aza nanompo ny "andriamaniry ny Vintana" sy

ny "andriamaniry ny Lahatra." Ahoana no fahitan'i Jehovah Andriamanitra an'izany? Hoy izy: "Nanao izay ratsy teo imasoko foana ianareo." (Isaia 65:11, 12) Izany koa no tsapany amin'ny olona manatona mpamoha angatra. 'Maharikoriko an'i Jehovah ny olona manaky amin'ny mpamoha angatra.'—Deuteronomia 18:11, 12.

Manimba ny finoanoam-poana sy ny fanta-tonana mpamoha angatra satria "teti-dratsin'ny Devoly." (Efesianina 6:11) Nantsoin'i Jesosy hoe "rain'ny lainga" ny Devoly. (Jaona 8:44) Ianao ve dia haka tari-dalana any amin'ny mpandainga rehefa handray fanapahan-kevitra lehibe? Hendry ianao raha tsy manao zavatra misy ifandraisany amin'ilay "rain'ny lainga."

Hahay hanapa-kevitra ianao raha mahalala tsara ny toro lalan'ny Baiboly sy ny fikasan' Andriamanitra momba ny olombelona. Hoy ny Ohabolana 2:6: "I Jehovah no manome fahendrena, ary avy amin'ny vavany ny fahalalana sy ny fahaiza-manavaka."

**2. Afaka amin'ny tahotra ny maty.** Maro no mino fa manan-kery eo amin'ny velona ny razana efa maty, ka tsy maintsy ampitonena amin'ny sorona isan-karazany mba tsy ho tezitra. Misy midi-trosa be ary mba hanaovana sorona sy fombafomba andaniam-bola be.

**Manafaka ny fahamarinana ao amin'ny Baiboly:** Lazain'ny Baiboly hoe manao ahoana marina ny maty. Nilaza, ohatra, i Jesosy fa 'matory' ny maty. (Jaona 11:11, 14) Inona no tiany holazaina? Hoy ny Mpitoriteny 9:5: "Fantatry ny velona fa ho faty izy, fa ny maty kosa tsy mahalala na inona na inona." Toy ny olona



### **Manafaka ny olona amin'ny finoanoam-poana sy ny tahotra ny maty ary ny tahotra mafy ny ho faty ny fahamarinana ao amin'ny Baiboly**

matory be tsy mahalala na inona na inona ny maty. Tsy misy intsony fotsiny izy ireo ka sady tsy afaka manisy ratsy no tsy afaka manao soa.

Misy anefa milaza hoe efa niresaka tamin'ny maty. Iza ary no tena niresaka taminy? Lazain'ny Baiboly fa nisy anjely maro nikomy tamin'Andriamanitra, taorian'ny namoronana ny olombelona. (2 Petera 2:4) Demonia no iantsoana azy ireny. Miezaka mamitaka ny olombelona izy ireo. (1 Timoty 4:1) Mody miseho ho olona efa maty, ohatra, izy ireo mba hampielezana an'ilay lainga hoe mbola velona any ho any ny maty na manana vatana hafa.

**3. Afaka amin'ny tahotra mafy ny ho faty.**  
Marina ny lazain'ny Baiboly hoe fahavaloo ny fahafatesana. (1 Korintianina 15:26) Ara-dalana raha matahotra ny ho faty isika sady tsy te

ho faty. Tsy tokony hatahotra loatra anefa isika.

**Manafaka ny fahamarinana ao amin'ny Baiboly:** Tsy ny marina momba ny maty ihany no lazain'ny Baiboly, fa resahiny koa hoe mikasa hanangana ny maty Andriamanitra. Hoy i Jesosy: "Ho avy ny fotoana handrenesan'izay rehetra any am-pasana ny [feoko], dia hivoaka izy ireo."—Jaona 5:28, 29; Asan'ny Apostoly 24:15.

Ho hoatran'ny ahoana ny vatan'izy ireo rehefa "hivoaka" avy ao am-pasana? Diniho izay nitranga, rehefa nanangana olona maromaro tamin'ny maty i Jesosy. Vatan'olombelona ihanany ny vatan'izy ireo rehefa nitsangana izy ireo. (Marka 5:35-42; Lioka 7:11-17; Jaona 11:43, 44) Hoy koa Andriamanitra tamin'i Daniela, mpanompony efa be taona: "Hiala sasatra [na hatory ao amin'ny fahafatesana] ianao, nefá *hitsangana* any am-parany mba hahazo ny anjaranao." (Daniela 12:13) Tsy maintsy ho nampahery an'i Daniela ireo teny ireo, ka nilamina ny saily ary tsy natahotra ny ho faty izy.

Anisan'ny nanirahana an'i Jesosy ny "hitory fanafahana amin'ny babo", izany hoe ireo andevozin'ny fampianaran-diso. (Lioka 4:18) Manafaka olona hatramin'izao ny fampianarany satria mbola hita ao amin'ny Baiboly. Enga anie ka hanafaka anao koa ny fahamarinana ao amin'ny Baiboly.

#### **EFA NOERITRERETINAO VE IZAO:**

Nahoana ny Baiboly no manafaka antsika amin'ny

- **finoanoam-poana?**—Isaia 8:19, 20; 65:11, 12.
- **tahotra ny maty?**—Mpitoriteny 9:5; Jaona 11:11, 14.
- **tahotra ny ho faty?**—Jaona 5:28, 29; Asan'ny Apostoly 24:15.



# “Oay Izany Orona!”

**I**ZANY matetika no lazain'ny olona raha vao mahita gidro lava orona, amin'izato orony be mikirazorazo.\* Mahatratra 18 santi-metatra ny halavan'ny oron'ny gidro lahy sasany, izany hoe ampahefathy ny vatany eo ho eo. Mikirazorazo eo amin'ny vavany sy ny saokany ny orony, ka tsy maintsy ingainy izany rehefa hisakafo izy. Ho tonga hatreny amin'ny tratranao ny oronao, raha ampahefathy ny vatanao koa ny halavany.

Inona no ilany an'ilay orony lava be?# Samy manana ny heviny ny mpikaroka. Misy milaza fa mankao amin'ny orony ny hafana-na mihoatra ao amin'ny vatany. Ao koa ny milaza fa mampanako ny feon'ilay gidro ny orony, na ampiasainy hampitahorana ny gidro lahy hafa. Mivonto sy mivoaramena to-ko a ny oron'ny gidro lahy rehefa tezitra izy na mientanentana. Mety ho ny orony koa no hanintonany ny gidro vavy. Azo inoana anefa fa maro no ilany ny orony, ary mbola zara raha fantatsika ny momba an'izany.

## Be kibo

Be kibo hafahafa koa ilay gidro, na ny lahy na ny vavy. Mety hahatratra ampahefathy ny lanjany ny vavoniny. Hoatran'ny hoe bevo-hoka foana àry na ny lahy na ny vavy. Fa inona no mahabe kibo azy?

Feno fangaron-javamaniry mandranoka sy bakteria ny vavonin'io gidro io, hoatran'ny an'ny omby. Ilay bakteria no manova ny sakafony ho zavatra hafa sy mamotika ny zavatra

\* Any Bornéo no misy ny gidro lava orona. Antsoin'ny mponina any hoe *orang belanda* na “Holandey” izy ireny.

# Be orona koa ny vavy saingy tsy lehibe hoatran'ny an'ny lahy.

**Lava orona sy be kibo  
ilay gidro**

© Peter Lijssen/age fotostock

tsy zakany, toy ny poizina izay mahafaty ny biby hafa. Izany no mahatonga azy ho velona foana na dia tsy mihinana afa-tsy ravinkazo, voankazo tsy mamy, voam-palmie, ary voan-javamaniry hafa aza. Tsy ho velona amin'izany ny gidro manana vavony hafa.

Misy maharatsy ny vavoniny anefa. Tsy maintsy misady voankazo mamy izy satria vettivety dia miova ho zavatra hafa izy ireny. Mampibontsina be loatra ny kibony izany, ka mety hankarary mafy sy hahafaty azy.

Elaela io gidro io vao mahalevon-kanina, noho ny sakafony sy ilay vavoniny hafakely. Matoritory àry izy rehefa avy misakafo be amin'ny maraina, ary mety haharitra ora maromaro izany. Misakafo indray izy avy eo.

### Tia miaraka

Miaraka maromaro foana ny gidro lava orona, na misakafo na matoritory. Gidro lahy iray miaraka amin'ny gidro vavy valo eo ho eo, miampy ny zanany, no ao amin'ny andiany iray. Roahin'izy ireo ny zanany lahy rehefa lehibebe. Lasa miaraka amin'ny andiana gidro lahy tanora izy ireny, ary misy gidro lahy iray na roa efa lehibe kokoa ao amin'ilay andiany. Mety hihevitra ny olona tsy zatra mahita azy ireny fa andiana gidro misy vavy ihany izy ireny.

Miavaka ny gidro lava orona satria matetika no mifangaroharo ny andiany samihafa,

indrindra rehefa harivariva eny amoron-drano. Manao fihetsiketsehana hampisehoana ny heriny ny lahy, amin'ireny fotoana ireny, raha hitany hoe misy lahy hafa mitady haka ny vadiny. Matetika ilay gidro lahy, milanja 20 kilao eo ho eo, no mijoro amin'ny tongony efatra sady mitanatana vava sy mivandrandra amin'ny rafilahiny. Hoy ny boky *Gidro Lava Orona any Bornéo* (anglisy): "Raha tsy mahomby izany, dia mianika hazo tampoka izy ary misfindrafandra hazo. Mazana no mi-betroka be izy rehefa manao izany. Matetika izy no lasa eny amin'ny sampan-kazo mai-na ary tapaka izany ka vao mainka mitombo ny tabataba." Mahalana vao miady izy ireo.

Hoy ihany ilay boky: "Tsy ny paozin'ny gidro lava orona ihany no hafahafa fa ny karazana feo avoakany koa." Mitrona ilay gidro ary mierona sy mikakiaka, indrindra rehefa miaraka eny amoron-drano amin'ny takariva. Tsy taitra mihitsy ny vavy amin'izany tabataba be izany fa ilaozany mampinono sy mikarakara ny zanany manga tarehy kely. Matory eny amin'izay toerana ahazoany aina izy ireo amin'ny alina. Matetika izany no eny amin'ny hazo avoavo eny amoron-drano.

### Miraikitra ny rantsan-tongony!

Tsy ny orony ihany no maha hafahafa an' ilay gidro fa ny rantsan-tongony koa, izay somary miraikitra. Afaka milomano tsara àry



**Mikirazorazo eo amin'ny vavany ny oron'ny gidro lahy, ka ingainy rehefa hisakafo izy**



**Miaraka maromaro foana ny gidro lava orona, na misakafo na matoritory**

© Peter Lijia/age fotostock

izy sady mahay mandeha eny amin'ny fotaky ny ala honko. Ny voay no mety ho tonga ao an-tsaina raha vao miresaka ala honko. Feno voay tokoa any amin'ny toerana onenan'ny gidro lava orona. Ahoana àry no ataon'io gidro io mba tsy ho lanin'ny voay?

Miditra tsimoramora ao anaty rano, ohatra, izy ireo rehefa hiampita rano. Milahatra manao tsikarok'alika izy ireo ka zara raha mihetsika ny rano. Fomba hafa kosa no ampiasainy raha kely ny velaran'ny renirano. Mianika hazo avo izy, maka bahana, ary mitsoraka be avy eny ambony sampan-kazo, izay angamba sivy metatra any ambonin'ny rano. Ny kibony no mitontona ao anaty rano ary milomano faran'izay haingana izy mandra-pahatongany eny an-tanety. Na ny vavy mitondra ny zanany aza manao toy izany koa. Andiany iray manontolo indraindray no miara-mitsoraka ao anaty rano ary milomano haingana mankeny ampita. Tsy ny voay anefa no tena fahavalony.

### Atahorana ho lany tamingana

Voasokajy ho anisan'ny biby atahorana ho lany tamingana ny gidro lava orona. Arivo eo ho eo sisà izy ireo any an'ala sady mihavitsy

foana, noho ny ataon'ny olombelona. Mando-ro tanety, ohatra, ny olona, mitrandraka ala, manimba ala mba hambolena palmie, ary tsy miraharaha rehefa mizaha tany. Eo koa ny mpihaza, izay mamono azy ireo noho ny fangananjanan-tena fotsiny, na mba hatao sakaflo, na hatao fanafody. Mora samborina ireo gidro satria matetika no matory eny ambonin'ny hazo amoron-drano. Nihena 50 isanjato ny isan'izy ireo tao anatin'ny dimy taona, tany amin'ny faritra iray falehan'ny mpihaza mandeha vedety.

Miezaka mampahafantatra ny manjo ny gidro lava orana ny mpiaro ny tontolo iainana ary misy lalàna miaro an'ilay gidro, any Bornéo. Ho hita eo ihany raha haharo azy ireo izany. Ho loza raha sanatria ka tsy hisy any an'ala intsony io gidro io, satria mbola mianatra momba azy ny mpikaroka. Toa tsy mety aminy koa ny atao anaty fefy.

Iray monja amin'ireo biby maro atahorana ho lany tamingana ny gidro lava orona. Karazam-biby maro no efa ripaka. Soa ihany fa mikasa lifehy ny tany Andriamanitra ka hanala ny ratsy fanahy sy hampianatra ny olony hikarakara ny tany. (Ohabolana 2:21, 22) Mampanantena i Jehovah Andriamanitra hoe: "Tsy handratra na hanimba eran'ny tendrombohitro masina izy ireo, satria ho feno fahalalana an'i Jehovah ny tany, toy ny anaronan'ny rano ny fanambanin'ny ranomasina."—Isaia 11:9.

3. Trompetra. 4. 91000. 5. D.  
1. Tranolaly mandrakota ny Vat Malisina. 2. Harpa.  
VALIN NY PEJY 30 SY 31



## “Hataoko Misy Firenena Lehibe avy Aminao”

*Mampiavaka ny Baiboly ny faminaniana ao anatiny. Hiresaka momba izany ny “Mifohaza!” ato amin’ity andian-dahatsoratra misy fizarana valo ity. Hovaliana amin’izany ny hoe: Olona nahay be fotsiny ve ireo mpanoratra ny faminaniana ao amin’ny Baiboly sa olona nahazo fanahy masina avy amin’Andriamanitra? Asaina ianao handinika ny zava-misy.*

TSY matoky olona sy fatra-piahiyahy ny hafa ny olona ankehitriny, ary izany koa no ataony amin’ny Baiboly. Mampalahelo fa maro no tsy naka fotoana handinihana tsara azy io akory, fa mino izay tenenin’ny olona fotsiny. Enga anie ianao ka tsy ho toy izany. Asainay ianao handinika an’izay nitranga taloha mba hahitana hoe marina ny voalazan’ny Baiboly.

Handinika ny tantaran’ny lehilahy iray mbola hajain’ny Kristianina sy Jiosy ary Silamo isika. Abrahama\* no anarany, Hebreo izy, ary niaina tamin’ny 2018 T.K.\* ka hatramin’ny 1843 T.K.

Momba an’i Abrahama ny sasany amin’ny faminaniana voalohandohany ao amin’ny Baiboly, ary mahakasika antsika ankehitriny koa. (Jereo ilay efajoro hoe “Fitahiana ho An’ny ‘Firenena Rehetra.’”) Asehon’ny bokin’ny Genesisy ao amin’ny Baiboly fa anisan’ireny fami-

nianiana ireny ireto: **1)** Ho lasa firenena lehibe ny taranak’i Abrahama. **2)** Ho andevo any antanin’olona aloha izy ireo. **3)** Hafahana izy ireo ary ho lasany ny tany Kanana. Andao hodinihintsika amin’ny an-tsipiriany ireo.

### Faminaniana telo lehibe

**Faminaniana 1:** “*Hataoko misy firenena lehibe avy aminao [Abrahama].*”—Genesisy 12:2.

**Fahatanterahany:** Ny taranak’i Abrahama avy tamin’i Isaka sy Jakoba (na Israely) no lasa firenen’Israely fahiny, izay fanjakana nahaleo tena nanana ny mpanjakany.

### Inona no asehon’ny tantara?

- Resahin’ny Baiboly ny tsipiriany sasa ny amin’ny tetirazan’i Abrahama, anisan’izany ny taranany avy amin’i Isaka sy Jakoba ary ny zanakalahin’i Jakoba 12. Hita ao amin’ ilay tetirazana koa ireo mpanjaka maro nanjaka tao Israely na Joda. Tononin’ny boky tsy

\* Abrama no anarany tamin’ny voalohany.

# “Talohan’i Kristy” no dikan’ny hoe “T.K.”

ara-baiboly ny 17 amin'ireo mpanjaka ireo. Mi-fanaraka tsara amin'izany ilay tantarainy Baiboly hoe lasa firenena ny taranak'i Abrahama avy tamin'i Isaka sy Jakoba.\*

**Faminaniana 2:** “Ho vahiny honina any amin'ny tany tsy azy ny taranakao [Abrahama]. Ary tsy maintsy hanompo ny olona any izy ireo. ... Fa amin'ny andron'ny zafiafiny [izany hoe taranaka fahefatra] kosa izy ireo vao hiverina eto.”

—Genesisy 15:13, 16.

**Fahatanterahany:** Nisy mosary tany Kanana ka nifindra tany Ejipta ny sasany tamin'ny taranak'i Abrahama ary tamin'ny andron'ny zafiafin'ireo taranany ireo vao niala tany izy ireo. Mpivahiny izy ireo tamin'ny voalohany fa lasa

\* Jereo ny 1 Tantara 1:27-34; 2:1-15; 3:1-24. Nizara roa ny fiernen'Israely tamin'ny andro nanjakan'i Rehoboama, zanak'i Solomona Mpanjaka. Lasa nisy fanjakana ary tany avaratra sy tany atsimo, ary samy nanana ny mpanjakany izy ireo.—1 Mpanjaka 12:1-24.

andevo mpanao biriky tamin'ny tanimanga sy mololo, tat� aorianana. Taranak'i Abrahama nifindra tany, ohatra, i Levy, zafiafiny, niaraka tamin'ny rainy efa antitra. Ireto ny taranaka efatra nifanarakaraka avy teo amin'i Levy: 1) Levy, 2) Kehata zanany, 3) Amrama zafikelin, ary 4) Mosesy zafiafiny. (Eksodosy 6:16, 18, 20) I Mosesy no nitarika ny Israelita hiala tany Ejipta, tamin'ny 1513 T.K.—Jereo ireo tao na miavaka eto ambany sy ilay efajoro hoe “Daty Marina Tsara.”

### Inona no asehon'ny tantara?

● Milaza i James Hoffmeier, manam-pahai-zana momba ny Testamenta Taloha sy ny Arkeolojia, fa asehon'ny asa soratra ejissiana sy ny zavatra hita tany ambanin'ny tany hoe navela hiditra tany Ejipta niaraka tamin'ny bibiny ny taranak'i Sema (anisan'izany ny Hebreo fahiny), nandritra ny mosary. Lasa andevo tany tokoa ve anefa ny Israelita ka nasaina nanao biriky?

## TAONA MIAVAKA HO AN'NY TARANAK'I ABRAHAMA

(T.K.)	1843	1728	1711	1657	1593	1513	1473
	Maty i Abrahama	Nifindra tany Ejipta ry Jakoba	Maty i Josefa	Teraka i Mosesy	Nitarika ny Israelita niala tao Ejipta i Mosesy	Maty i Mosesy.	Maty i Mosesy.
		Maty i Jakoba				Nitarika ny Israelita hiditra an'i Kanana i Josoa	Nitarika ny Israelita hiditra an'i Kanana i Josoa
			Taranaka efatra avy amin'ny taranak'i Abrahama				
			Levy	Kehata	Amrama	Mosesy	

● Asehon'ny horonana sy ny sary teny amin'ny fasan'ny Ejipsianina fa nasain'izy ireo nanao biriky tamin'ny tanimanga sy molo lo ny vahiny, na dia tsy notononony mivanta na aza ny hoe Israelita. Asehon'ny firaketana ejipsianina koa fa nandrakitra an-tsoratra ny isan'ny biriky vita ny lehiben'ny mpiasa, ary mifanaraka amin'izay lazain'ny Baiboly izany. (Eksodosy 5:14, 19) Hoy i Hoffmeier: 'Hamasin'ny firaketana ejipsianina fa nampanaovina asa an-terivozona ny vahiny, tokotokony ho tamin'ny fotoana nampahorina ny Israelita. Toa marina ary ilay hoe nankany Ejipta ny Hebreo nandritra ny mosary ary lasa andevo tany.'

**Faminaniana 3:** 'Homeko ny taranakao ny tany Kanana manontolo.'—Genesisy 17:8.

**Fahatanterahany:** Nitondra ny firenen'Israely nivoaka avy tany Ejipta i Mosesy, fa i Josoa

## FITAHIANA HO AN'NY "FIRENENA REHETRA"

Nampanantena Andriamanitra fa hanao izay hahazoany fitahiana amin'ny alalan'ny taranak'i Abrahama ny "firenena rehetra." (Genesisy 22:18) Mba hipoiran'ny Mesia no antony voalohany nanaovan' Andriamanitra ny taranak'i Abrahama ho firenena. Ilay Mesia mantsy no hanome ny ainy *ho an'ny olombelona rehetra*.\* Mahakasika anao ary ilay fampanantenan' Andriamanitra nataony tamin'ny Abrahama. Hoy ny Jaona 3:16: "Lehibe tokoa ny fitiavan'Andriamanitra an'izao tontolo izao, ka nomeny ny Zanany lahitokana mba tsy ho ringana izay rehetra maneho finoana azy, fa hanana fainana mandrakizay."

\* Hodinihina any amin'ny Fizarana 3 sy 4 amin'ity andian-dahatsoratra ity ny faminaniana mifandray amin'ny Mesia.

## SY NY FIFINDRAN'NY ISRAELITA

Andron'ny Mpitsara	1117	1107	1070	1034	
Nohosorana ho mpanjaka i Saoly				Nanomboka nanorina ny tempoly i Solomona	
Teraka i Davida				Lasa mpanjakan'ny Israely i Davida	



*Misy soratra hoe "Tranon'i Davida" ity tsangambato ity, ary iray amin'ireo manonona anarana mpanjaka, izay taranak'i Abrahama sady nanjaka tany Israely na Joda*

## DATY MARINA TSARA

Marina tsara ny fotoana resahin'ny Baiboly ary tena ilaina izany. Resahin'ny 1 Mpanjaka 6:1, ohatra, hoe oviana i Solomona Mpanjaka no nanomboka nanorina ny tempolin'i Jerosalema. Izao no voalaza ao: "Tamin'ny taona fahavalopolo sy efajato [479 taona feno] taorian'ny nivoahan'ny zanak' Israely avy tany Ejipta, eny, tamin'ny taona fahefa-

tra nanjakan'i Solomona teo amin'ny Israely, tamin'ny volana Ziva, izany hoe tamin'ny volana faharoa, dia nanorina trano ho an'i Jehovah i Solomona."

Tamin'ny 1034 T.K. ny taona fahefatra nanjakan'i Solomona, araka ny famaritan'ny Baiboly ireo daty manan-tantara. Raha miverina 479 taona avy eo amin'io taona io isika, dia ho tonga eo amin'ny 1513 T.K., taona nialan'ny Israelita tany Ejipta.

zanak'i Nona no nitarika azy ireo hiditra tao amin'ny tany Kanana, tamin'ny 1473 T.K.

### Inona no asehon'ny tantara?

● Milaza i K. Kitchen, manam-pahaizana momba an'i Ejipta, fa "nankany Kanana sy ni-petraka tany tokoa ny Israelita", na dia tsy mitovy aza ny daty lazain'ny mpikaroka hoe nitrangan'izany.

● Milaza ny Baiboly fa 'nodoran'i Josoa i Hazora', tanànan'ny Kananita. (Josoa 11:10, 11) Nahita tempoly telo rava tanteraka ny mpi-karoka, tao amin'ny sisa tavela amin'io tanàna io. Nahita porofo koa izy ireo hoe nodorana ilay tanàna tamin'ny taonjato faha-15 T.K. Mifanaraka amin'ny voalazan'ny Baiboly izany.

● Tanàna kananita mahaliana antsika koa i Gibeona, izay sivy kilaometatra eo ho eo avy eo Jerosalema. Hitan'ny mpikaroka ny any ambanin'ny tany ny nisy an'i Gibeona, rehefa nahita tahona siny 30 teo ho eo nisy ny anaran' ilay tanàna izy ireo. Niezaka nihavana tamin'i Josoa ny Gibeonita fa tsy toy ny mponin'i Hazora. Nataon'i Josoa "mpantsaka rano" izy ireo. (Josoa 9:3-7, 23) Nahoana? Asehon'ny 2 Samoela 2:13 sy ny Jeremia 41:12 fa be rano

tany Gibeona. Mifanaraka amin'ny Baiboly àry ity voalazan'ny *Dikan-teny Vaovao Iraisam-pire-nena* (anglisy) ity: "Be rano any Gibeona ary izany no tena mampiavaka azy. Misy loharano lehibe iray sy loharano kely fito any."

● Misy boky hafa ankoatra ny Baiboly manaporofo fa tena nisy ny olona maromaro resahin'ny Baiboly. Anisan'ireny ireo mpanjaka 17 voaresaka tany aloha, izay taranak'i Abrahama nanjaka tany Israely na Joda, ohatra hoe i Ahaba, Ahaza, Davida, Hezekia, Manase, ary Ozia. Porofoin'ny fisian'ireo tarana-mpanjaka ireo fa nisy firenena atao hoe Israely, tonga tany Kanana sy nipetraka tany.

● Nahita ny Tsangambaton'i Merneptah tany Thèbes, any Ejipta, ny mpikaroka tamin'ny 1896. Hita ao ny fireharehan'i Farao Merneptah tamin'ny nandreseny an'i Kanana tamin'ny 1210 T.K. tany ho any. Io no loharanon-kevitra tsy ara-baiboly voalohany manonona an'i Israely, ka vao mainka voaporofa nisy io firenena io.

### Tena ilaina ireo tsipiriany

Hitantsika fa manome tsipiriany voafaritra momba ny olona sy ny toerana ary ny zava-nitrange tantarainy ny Baiboly. Vao mainka hitantsika hoe tanteraka tokoa ny faminanian'ny Baiboly rehefa ampitahaintsika amin'ny boky tsy ara-baiboly ireny tsipiriany ireny. Asehon'ny zava-nitrange tamin'i Abrahama sy ny taranay, ohatra, fa tanteraka ny fampanantan-andriamanitra. Lasa firenena ny taranak'i Abrahama, andevo tany Ejipta izy ireo, ary lasany ny tany Kanana taty aoriania. Mampahatsiahys antsika ny tenin'i Petera mpanoratra Baiboly izany. Niaiky izy hoe: "Tsy avy tamin'ny sitrapon'olombelona na oviana na oviana ny faminaniana, fa avy tamin'Andriamanitra kosa no nitenenan'ny olona, araka izay nitiranhan'ny fanahy masina azy."—2 Petera 1:21.

Niova be ny zava-nitrange tao amin'io firenena io, taona maro taorian'ny nahazoan'izy ireo ny tany Kanana. Nisy vokany tena ratsy izany. Efa voalazan'ny Baiboly mialoha koa izany, araka ny ho hitantsika ao amin'ny laharana manaraka.

## TENA NISY I ABRAHAMA

● Nahitana anaran-tanàna mitovy amin'ny anaran'ny havan'i Abrahama ny takelaka tannimanga tamin'ny taonjato faha-18 T.K. Anisan'izany tanàna izany i Palega, Seroga, Nahora, Tera, ary Harana.—Genesisy 11:17-32.

● Voalazan'ny Genesisy 11:31 fa niala avy tany "Oran'ny Kaldeanina" i Abrahama mianakavy. Tany amin'ny faritra atsimoatsinan'an'i Irak no nahitana ny sisa tavela amin'i Ora. Milaza koa ny Baiboly fa maty tao Harana i Tera rain'i Abrahama ary maty tao Hebrona i Saraha vad'in'i Abrahama. Mety ho teo amin'ny faritra misy an'i Torkia ankehitriny i Harana. Anisan'ny tanàna tranaainy indri-ndra mbola misy mipetraka kosa i Hebrona, izay any akaikikaikin'i Israely.—Genesisy 11:32; 23:2.

**MANONTANY  
NY TANORA  
HOE...**

# Maninona àry no tsy azon-dry zareo mihitsy ny hevitro?



## ALAO SARY AN-TSAINA IZAO:

Asabotsy tolakandro tamin'ny telo ora teo ho eo, tamin'izay. Maika handeha hivoaka ny trano i Njara, 17 taona. **"Lasa aho al!"**, hoy izy tamin'ny dada sy mamany, sady nanantena izy hoe tsy ho tratran'ilay fanontaniana efa ampoiziny.

**"Amin'ny firy ianao no mody?"**, hoy ny mamany.

Nijanona tampoka i Njara, ary niakanakana nilaza hoe: **"Aaa... Aza miandry an'ahy e!"** Nosokafany ny varavarana ary efa saika tafatsoaka izy, kanjo nantsoin'ny dadany.

Nijanona indray i Njara ary henony ny dadany, hentitra be, niteny hoe: **"Efa hain' ialahy hoe tsy taran'ny amin'ny valo ialahy no mody an!"**

Nitodika tany amin'ny dadany i Njara sady nimenomenona kely hoe: **"Aiza kosa e!  
Mahamenatra be ange ilay miteny amin'ny ankizy hoe tsy maintsy mody aloha e!"**

Tsy nilefitra mihitsy ny dadany. Hoy ihany izy: **"Rehefa amin'ny valo dia amin'ny valo!"**

**H**OATR'IZANY koa angamba no manjo anao. Efa napetraky ny ray aman-dreninao ny lalàna momba ny ora fodianao, ny mozika henoinao, ny namanao, ary ny akanjonao sady tsy azo iadiam-barotra izy ireo. Diniho ireto:

*"Lasa hentitra be amin'ny mozika henoiko ny raikeliko, rehefa nambady an'i Mama. Tsy maintsy nariako daholo ny CD-ko tamin'ny farany." —Rivo.\**

\* Novana ny anarana sasany ato amin'ity lahatsoratra ity.

## SOSO-KEVITRA

“Aleo lavitra mihaino toy izay mivazavaza. Raha mihaino ny ray aman-dreninao ianao sady miezaka mahatakatra ny heviny, dia azo antoka hoe hanao hoatr’izany koa ry zareo.”  
—Riana.

### Vakio ny Filipianina 2:3, 4.

“Aza mamalivaly. Be famaliana aho taloha ary tat� aoriana vao hitako hoe tsy ho nisy ireny ady be (sy sazy) ireny raha nahay nifehy ny lelako aho.”  
—Lalaina.

### Vakio ny Ohabolana 17:27; 21:23.

“Miandrasa fotoana milamindamina. Aza miteny raha tsy rehefa hitanao hoe vonona hihaino ny ray aman-dreninao.”  
—Collette.

### Vakio ny Ohabolana 25:11.

“Mila tsapan’ny ray amandreninao hoe manaja sy tena mihaino azy ianao. Omeo toky ary ry zareo hoe henonao tsara izay noteneniny sady azonao, izay ianao vao milaza an’izay tsapanao.”—Faniry.

### Vakio ny Ohabolana 23:22; Jakoba 1:19.

“Miteniteny ahy i Neny satria tsy mana-namana, hono, aho. Rehefa miera handeha hiaraka amin’olona anefa aho, dia tsy avelany satria tsy fantany, hono, ilay olona. Tsy azoko mihitsy!”—Carol.

“Tsy avelan’i Dada sy ny renikeliko hanao tiserta aho, raha tsy hoe malalaka be ilay izy. Fohy loatra koa, hozy i Dada, ny sôrta raha vao ambony lohalika.”—Salohy.

Inona no azonao atao raha tsy mifanara-kevitra ianao sy ny ray aman-dreninao? Afaka mifampiresaka amin-dry zareo ve ianao? Hoy i Jenny, 17 taona: “Matetika i Dada sy Neny no tsy te hihaino.” Hoy koa i Anja, 15 taona: “Akomboko fotsiny ny vavako rehefa hitako hoe tsy azon’i Dada sy Neny ny tiako hotenenina.”

Aza tonga dia kivy anefa. Mety ho vonona hihaino ihany izy ireo, fa tsy araka ny eritreretinao.

Tadidio fa na i Jehovah Andriamanitra aza nihaino rehefa nilaza ny heviny ny olona. Nihaino, ohatra, izy rehefa narovan’i Mosesy ireo Israelita tsy nankatò.  
—Eksodosy 32:7-14; Deoteronomia 9:14, 19.

Mety hieritreritra ianao hoe tsy hilefitra hoatran’ Andriamanitra mihitsy ny ray aman-dreninao. Samy hafa be koa ny hoe i Mosesy niresaka tamin’i Jehovah momba ny hoavin’ny firenena iray manontolo sy ny hoe ianao miera amin’ny ray aman-dreninao mba hody taratara. Misy zavatra itovizany ihany anefa:

**Ho vonona hihaino ny hevitrao ny olona manana fahefana, ohatra hoe ny ray aman-dreninao, raha misy tianao hambara.**

Miankina amin’ny fomba ilazanao ny hevitrao ny ha-hombiazanao na tsia. Hanampy anao amin’izany ireo:

**1. Fantaro ilay olana.** Soraty eto izay tsy mampitovy hevitra anao sy ny ray aman-dreninao.

**2. Fantaro izay tsapanao.** Soraty eto izay tsapanao noho ny fomba fihevity ny ray aman-dreninao, ohatra

## ZAVA-MISY

Tsy voatery horesahina *daholo* izay tsy mampitovy hevitra. Azonao atao indraindray ny ‘mitazona ny teninao ao am-ponao, ary mangina.’ (Salamo 4:4) Hoy i Béatrice: “Hoatran’ny lasa tsy olana be ilay izy indraindray, rehefa eritreretiko hoe tsy dia hisy dikany intsony iny rahampitso. Avelako ho any fotsiny ilay izy.”

hoe tezitra, malahelo, menatra, miahiahy, na ny toy izany. (**Menatra** ny namany, ohatra, i Njara, ilay voaresaka terè aloha, satria hentitra be amin'ny ora fodiany ny ray aman-dreniny.)

**3. Mipetraha eo amin'ny toeran'ny ray aman-dreninao.** Eritrereto hoe manan-janaka tanora ianao ary mitovy amin'izay nosoratanao teo amin'ny Dingana 1 ny olana atrehiny. Raha ray na reny ianao, inona no hampanahy anao indrindra ary nahoana? (Nety ho **natahotra**, ohatra, ny ray aman-drenin'i Njara sao maninomaninona izy.)

**4. Diniho indray ilay olana.** Valio ireto fanontaniana ireto:

Inona no hitanao hoe mahatsara ny hevity ny ray aman-dreninao?

Inona no azonao atao mba tsy hampanahy be azy ireo?

**5. Miresaha amin'ny ray aman-dreninao ary miaraha mitady vahaolana.** Ampiharo ireo dingana eo aloha ary jereo ilay efajoro hoe "Soso-kevitra." Ho hitanao fa hihatsara ny fomba firesakao amin'ny ray aman-dreninao. Izany no tsapan'i Kanto. Hoy izy: "Tsy hampiova n'inon'inona mihitsy ny mifamaly sady efa fantatra hoe ianao foana no ho resy. Aleoko resahina amin'i Dada sy Neny ilay olana, ary mitady marimari tra iraisana izahay. Matetika izahay no samy afa-po avy eo."

Hita ao amin'ny *Mifohaza!* hafa koa ny andian-dahatsoratra "Manontany ny Tanora"

#### ANONTANIO NY RAY AMAN-DRENINAO

Ahoana no nataonareo rehefa tsy nitovy hevitra ianareo sy ny ray aman-dreninareo? Inona no ho nahitsinareo raha afaka miverina amin'ny taloha ianareo?



#### NY HEVITRY NY TANORA TOA ANAO

**Wyndia:** Miezaka aho mba hieritreritra aloha vao miteny. Eritreretiko tsara izay lazain'ny ray aman-dreniko ary mivavaka aho vao miteny. Raha efa fantatro hoe hampiady anay ny zavatra holazaiko, dia tsy miteny aho mandra-pahitako hoe afaka milaza ny hevitro aho nefä tsy hiady.



**Ross:** Rehefa manomboka miakatra aho, dia izao no ezahiko tadidina: Izaho fotsiny no ho tezitra eo androany tontolo nefä tsy voatery hiady akory. Hitako hoe tsy mora tezitra aho izao raha oharina amin'ny taloha.



**Ramona:** Hitako hoe tsara foana ny mihaino ny hevity ny ray aman-dreniko. Mety ho tsy dia mifankaiza amin'ny hevitro ny azy ary mety tsy hiady hevitra be akory izahay.

# Ny Elatry ny Voangorin'i Namib



**Vongan-drano mikoriana mankany am-bavan'ilay voangory**



● Olona 900 tapitrisa eo ho eo eran-tany no tsy mahazo rano fisotro madio. Mandeha mantsa-ka lavitra be ny vehivavy sy ny ankizy, any amin' ny faritra maro. Hoy i Shreerang Chhatre, injeniera ao amin'ny Sekoly Momba ny Teknolojia any Massachusetts: "Tena mampalahelo ahy ny hoe tsy maintsy mandeha an-tongtra ora maro ny mahantara vao mahazo izay tena ilaina." Te hanampy azy ireo ry Chhatre sy ny mpia-ra-miasa aminy ka nandinika ny voangorin'i Namib mba hahitana ny fomba azo anangonana zavona.

**Etrirereto izao:** Misy zavona manerana ny Efitr'i Namib, any Afrika, isa-maraina. Manararaotra an'io fotoana kely io ny voangorin'i Namib ka mitodika any amin'ny fiavian'ny rivatra.\*

\* Misy karazana voangory hafa koa manao toy izany, mba hahazoana rano.

Misy mivoitra kely be dia be ny elany ary ireny no misintona an'ireo vovo-drano. Rehefa mitambatra ireo vovo-drano, dia mihibe sy mihamavesatra ary mikoriana eny anelanelan' ireo mivoitra. Tsy mitazona rano ny elany ka tonga dia mitsontsorika manaraka ny elany ilay vongan-drano ary mankany am-bavany.

Te haka tahaka an'izany i Chhatre sy ny namany mba hahazoana rano fisotro ho an'ny olona. Mazava ho azy fa mila rano betsaka koka noho ny voangory ny olombelona ary mbo-la olana be ny famatsiana an'ilay tetikasa. Miliaza i Chhatre fa "mbola tsy vita" ilay tetikasa momba ny fanangonana zavona ho an'ny olombelona.

**Ahoana ny hevitrao?** Niova miandalana ve ny elatry ny voangorin'i Namib, sa nisy namorona?



Sary: Chris Mattison  
Photography/photographersdirect.com



## Efitrano Fanjakana ANY MALAWI

# 1000

**H**OY i Augustine: "Tsy nampoiziko mihitsy hoe hisy an'izany eto Malawi." Hisy inona? Ny fanorenana Vavolombelon'i Jehovah toeram-pivavahana maro be, izay antsoin'izy ireo hoe Efitrano Fanjakana. Tsy nanana toerana mety mba hivavahana sy hinanarana Baiboly ireo Vavolombelon'i Jehovah 30 000 tany Malawi, firenena kely ao Afrika Atsimoatsinanana, tamin'ny 1993.

Hafa mihitsy anefa izao ny zava-mitranga any Malawi. Nahatratra 1000 ny Efitrano Fanjakana voaorina tany, tamin'ny Septambra 2010, rehefa vita ilay tao Blantyre.\* Ahoana no nampisy Vavolombelona 30 000 tany, talohan'ny nanombohan'izy ireo nanorina toeram-pivavahana? Ary ahoana no nahafahan'izy ireo nanorina efitrano 1000 tao anatin'ny fotoana fohy, nefo izy ireo any amin'ny tany mahantra? Inona no vokatr'ilay fanorenana eo amin'ireo Vavolombelona sy ny mpiaramonina aminy?

### Fotoan-tsarotra

Nanomboka nampianatra ny fahamarina-na ao amin'ny Baiboly tany Malawi ny Vavolombelon'i Jehovah (Mpianatra ny Baiboly), taorianana kelin'ny 1900. Efa 17000 teo ho eo ny Vavolombelona tany, tamin'ny 1967. Toa an'ireo Kristianina tamin'ny taonjato voalohany izy ireo ka fantatra ho mpankatò lalana sy manaja manam-pahefana ary tsy manao

politika mihitsy.—Jaona 18:36; Asan'ny Apostoly 5:29.

Nampalahelo anefa fa lasa tsy nifanaraka tamin'ny fanjakana izy ireo noho ny zavatra inoany ao amin'ny Baiboly ka norarana ny asany tamin'ny 1967. Tsy ela dia maro ny Vavolombelona noroahina tsotra izao tamin'ny asany. Nalain'ny olona tsy tan-dalana na nopotehin'izy ireny ny fananan'ireo Vavolombelona. An'arivony ny Vavolombelona nandositra tany Mozambique sy Zambia, satria nenjehina mafy sady natahotra ny haripaka.

Nihatsara anefa ny toe-javatra niainan'ny Vavolombelon'i Jehovah tany Malawi, taty aoriana. Tafaverina tao amin'ny taniny ny ankamaroan'izy ireo, taorianana kelin'ny 1990. Faly be izy ireo satria tsy voarara intsony ny asany nanomboka tamin'ny 12 Aogositra 1993, izany hoe 26 taona taorian'ilay fandravana. Nisy olana hafa anefa. Tsy nanana toeram-pivavahana izy ireo nefo niisa 30 000 mahery, izay nozaraina ho fiangonana 583. Inona àry no hevitra?

### Tena mifankatia

Nanorina Efitrano Fanjakana tamin'izay vola kely nananany ny Vavolombelona tany, nandritra ny enin-taona voalohany taorian'ny nanesorana an'ilay fandravana. Tsy mora anefa izany satria tsy naharaka ny fitomboan'izy ireo isan-taona ny isan'ny efitrano. Nampiharina àry ilay toro lalana ao amin'ny 2 Korintianina 8:14, ka izay ambim-bava tany

\* Efa 1030 mahery izao ny Efitrano Fanjakana any.



**Matetika no toerana mitafo bozaka  
no nanaovana fivoriana, talohan'ilay  
fandaharam-panorenana Efitrano  
Fanjakana**

**Mivory any amin'ny  
Efitrano Fanjakana toy  
ity izao ireo fiangonana** ►



an-tany hafa no ‘namenoana izay tsy ampy’ tany amin’ireo tany toa an’i Malawi, mba “hisian’ny fitoviana.” Nanao fandaharana manokana ny Filan-kevi-pitantanana’ny Vavolombelon’i Jehovah, tamin’ny 1999, mba hanampiana ny tany mahantara hanorina toeram-pivavahana. Afaka nanorina Efitrano Fanjakana haingana àry ny Vavolombelona tany Malawi, noho io fandaharana feno fitiaviana io.\*

Tany an-tsekoly sy tany amin’ny toerana vonjimaika na teny ambany hazo mihitsy aza no nivory ireo Vavolombelona tany Malawi taloha. Afaka mivory sy mianatra Baiboly any amin’ny efitrano mendrika sy natokana mba hampandrosoana ny fivavahana marina anefa izao ireo fiangonana 1230 any. Tena mankasitraka ny fanampian’ny rahalahiny sy anabaviny eran-tany ireo Vavolombelona 75 000 mahery any Malawi.

Inona koa no nahatonga ny Vavolombelona hahavita toeram-pivavahana betsaka tao anatin’ny fotoana fohy? Tsy nitady trano mirenty izy ireo, fa naleony trano tsotra, mihaaja, manome voninahitra an’Andriamanitra, ary mety tsara mba hianarana Baiboly.

\* Efitrano Fanjakana 23 786 any amin’ny tany mahantara 151 no efa voaorin’ny Vavolombelona’i Jehovah, tamin’ny 1999 ka hatramin’izao.

### **Nandray soa ny fiangonana**

Nesoin’ny olona ny Vavolombelona tany Malawi, taloha, satria hoe tsy manana toeram-pivavahana. Menatra ny Vavolombelona sasany indraindray rehefa manasa olona hivory. Izao anefa izy ireo efa manana Efitrano Fanjakana tsara tarehy. Eritrereto àry ny hafalian’izy ireo rehefa manasa olona hanatrika fivoriana. Faly èry, ohatra, ny fiangonana iray fa nisy 698 ny mpanatrika fivoriana tao amin’ny efiranony vaovao!

Maro ny Vavolombelona sy olon-kafa nilaza fa tsy noeritreretiny mihitsy hoe hisy efitrano tsara tarehy ao amin’ny faritra misy azy. Tsaroan’i Augustine, ilay voaresaka teny aloha, ny fiangonana iray nivory teo ambany hazo. Hoy izy: “Nahafinaritra be ilay izy rehefa maina ny andro, fa rehefa avy ny orana, dia loza be mihitsy!” Azonao tsara angamba ny tian’i Augustine holazaina raha efa trtran’ny oram-be tampoka ianao.

Notantarain’i Augustine ny nitsidihany ny Fiangonana Chimwanje. Hoy izy: “Nivory tao amin’ny toerana mitafo bozaka izahay. Tsy fantatray hoe nisy hala be misy poizina nipetraka tao amin’ilay bozaka. Nilatsaka tampoka teo akaikin’ny tongotro ilay biby tamin’izaho nanao lahateny. Nisy mpanatrika nikiakiaka hoe: ‘Hitsaho ry Augustine a! Hi-

tsaho!” Mazava ho azy fa nohitsahiko ilay izy, matoa aho mbola hitanareo.” Tsy voahelingelina toy izany intsony izao ilay fiangonana satria efa manana efitrano vaovao.

### **“Sarobidy eo amin’ny fiaraha-monina”**

Lasa nidera sy nanaja ny Vavolombelon’i Jehovah ny mpiara-monina aminy sy ny manam-pahefana tany amin’ny toerana maro. Izao no nolazain’ny sasany taminy:

✓ “Nanorina toeram-pivavahana ny Vavolombelon’i Jehovah ary misfankatia sady miray saina. Tena sarobidy eo amin’ny fiaraha-monina izany. Tokony hanahaka azy ireo ny fivavahana hafa.”—Sefom-pokontanin’i Chabwenzi.

✓ “Ny tena mampiaiky ahy aminareo Vavolombelona dia ianareo miray saina. Folo taona izay no nanorenanay ny eglizinay nefy mbola tsy vita foana ilay izy ary tsy hay mihtsy hoe rahoviana vao ho vita. Misaotra anareo nanorina trano tsara tarehy eto aminay.”—Mpiadidy an’i Chigwenembe.

✓ “Mahagaga ny fomba fiasanareo. Tsy maintsy hoe miray saina be ianareo matoa miasa haingana be nefy milamina tsara!”—Sefom-pokontanin’i Chiuzira.

Tena mahavarana ilay fandaharam-panorenana ka nanaitra ny sain’ny mpanoratra ny *Dikcionera Chichewa/Chinyanja–Anglisy*. Hoy ilay diksionera, momba ny Vavolombelona: “Nanorina [Efitrano Fanjakana] maro ny Vavolombelon’i Jehovah.”

### **“Fahagagana ny nahazoanay an’ity Efitrano Fanjakana ity”**

Ny 30 Janoary 2011 no nitokana ny efitrano ny Fiagonana Manyowe, any Blantyre, ilay voaresaka teo aloha. Io no efitrano faha-1000 naorina tany Malawi. Hoy ny olona iray mivory ao: “Fahagagana ny nahazoanay an’ity Efitrano Fanjakana ity. Hoatran’ny hoe manonofy izahay.”

Hoy koa ny ankizivavy iray mivory ao: “Teo foana aho isan’andro, nandritra ny fanorenana. Tena faly aho fa anisan’ny nanorina ny toeram-pivavahana eto aminay.”

Hoy ny anti-panahy iray: “Tsy nety nano-me ny fahazoan-dalana hanorenanay ny efiftranonay ny manam-pahefana. Imbetsaka izy ireo no nanda tsy hanao sonia an’ireo fahazoan-dalana. Niezaka mafy nandresy lahatra azy ireo anefa R<sup>toa</sup> Liness Chikaoneka, mpididy teto an-toerana.”

Niaraka tamin’ny anti-panahy iray R<sup>toa</sup> Chikaoneka, indray mandeha, mba hangataka sonia. Hoy izy tamin’ilay manam-pahefana: “Tiako hanorina Efitrano Fanjakana ao amin’ny tanàna iadidiako ny Vavolombelona. Olona tsara ry zareo. Izaho mbola tsy nandamina olana misy ifandraisany amindry zareo mihitsy.” Nanao sonia an’ilay taratasy ihany ilay manam-pahefana.

Faly be R<sup>toa</sup> Chikaoneka rehefa notokana-na ilay Efitrano Fanjakana. Hoy izy: “Faly aho sady mirehareha erè noho ity trano tsara tarehy eto amin’ny faritra iadidiako ity.”

Mankasitraka an’ilay fandaharam-panorenana Efitrano Fanjakana ny Vavolombelon’i Jehovah manerana an’i Malawi sy ny mpiara-monina amin’izy ireo. Mahafoy tena sy miasa mafy ireo Vavolombelona ireo ka tsy betsaka toy ny tamin’ny 1993 intsony ny Efitrano Fanjakana ilaina any, ankehitriny. Mbola hila Efitrano Fanjakana foana anefa izy ireo raha mbola mandray ny ‘vaovao tsaran’ny fanjakan’Andriamanitra’ koa ny olona ary misy fiagonana vaovao miforona. (Matio 24:14) Tena ankasitrahant’izy ireo àry ny fanampiana sy fanomezana be dia be avy amin’ny Vavolombelona namany erantany.\*

I Jehovah Andriamaniny anefa no tena isaoran’ireo Vavolombelona. Mitovy amin’ity fihetseham-pon’ny mpanao salamo ity ny fihetseham-pon’izy ireo: “Ho avy ny firenena rehetra nataonao, ka hiankohoka eo anatrehanao, Jehovah ô, sy hankalaza ny anaranao! Fa lehibe ianao ary manao zava-mahagaga.”—Salamo 86:9, 10.

\* Fanomezana an-tsirapo daholo no isahanana ny asan’ny Vavolombelon’i Jehovah eran-tany.

# FANAFIHANA HAFAKELY

**Mibaiko ordinateran'olona  
be dia be ny andian-jiolahy**

**E**RITRERETO hoe misy andian-jiolahy mampiasa Internet mba hibaikoana ordinateran'olona. Lasa mandefa kaody be dia be hamelezana firenena iray ireny ordinatera ireny. Vetivety dia tapaka ny tranonkala ampiasain'ny tafika sy eo amin'ny varotra. Tapaka ny telefaonina, tsy afaka miainga ny fiaramanidina, ary tsy mandeha ny fitaovana mpamoaka vola. Mikatso koa ny ordinatera sy ny fiarovana ao amin'ny orinasa mpikirakira angovo niokleary. Inona no azo atao raha mitranga izany?

Toy ny hoe nitarina be io tantara io. Nilaza anefa i Richard Clarke, niasa tao amin'ny fiarovam-pirenен'i Etazonia, fa mety hitranga ny toy izany. Efa nitranga ny hoe nisy nanova na nanimba ny tambazotra na ordinateran'olona, na zavatra anaty ordinaterany, na zavatra nlefany avy tao. Efa tratran'izany mihitsy aza angamba ianao.

Nahoana no misy olona te hanao zava-draisy toy izany? Ahoana no fanaovany azy? Ary ahoana no hahavoaro anao rehefa mampiasa Internet?


## Ady elektronika

Maro ny antony anafihan'ny olona amin'ny Internet. Mety hiezaka hiditra an-tsokososo-

ko any amin'ny tambazotran'ny fahavalony, ohatra, ny mpampihorohoro na ny fanjakana mba hangalarana tsiambaratelo na hanimbana ny fitaovana ampiasain'ny fahavalony. Niaiky i William Lynn, ao amin'ny fiarovam-pirenен'i Etazonia, tamin'ny 2010, fa imbetsaka ny "fahavaloo" vahiny no nanafika sy tafiditra tao amin'ny tambazotra manokana an'ny Amerikanina, ary nangalatra 'rakitra an'arivony momba ny fitaovan-mpiadiana sy planin'ny paikady ary firaketana momba ny fanaraha-maso.'—Jereo ilay efajoro hoe "Zava-nitranga vao Haingana."

Mitovitovy amin'izany ny ataon'ny olondratsy mangalatra fanazavana avy amin'ny tambazotran'orinasa na ordinateran'olona. Voalaza fa mahazo an'arivony tapitrisa dolarra isan-taona ny mpisoloxy amin'ny Internet.

Mibaiko ordinatera maro be ny olon-dratsy mba hamelezana amin'ny alalan'ny Internet. Nisy andian-jiolahy tratra nanao toy izany, tamin'ny 2009. Nobaikoin'izy ireo avy lavitra ny tambazotra ampiasain'ny ordinatera efa ho roa tapitrisa maneran-tany. An'olon-tsotra ny maro tamin'ireo ordinatera ireo. Nilaza ny Fikambanana Misahana ny Fiaraha-



miasa sy ny Fampandrosoana Ara-toe-karena (OCDE), vao haingana, fa ny ampahatelon'ny ordinatera mampiasa Internet no misy mibaiko avy lavitra. Ary ny ordinateranao? Mety hisy hibaiko azy an-tsokosoko koa ve?

### Miditra an-tsokosoko

Eritrereto izao: Mametraka programa ao amin'ny Internet ny olon-dratsy iray. Mankany amin'ny fiarovan'ny ordinateranao ilay programa nefá tsy fantatrao akory. Rehefa mahita toerana tsy voaro izy, dia mankany anatin'y indrindra amin'ilay ordinatera mba hahazoany an'izay fanazavana ilainy.\* Afaka manova na manaisotra rakitra ao ilay programma, avy eo, na mandefa e-mail any amin'ny ordinatera hafa. Azon'ilay programa alefa any amin'ilay olon-dratsy koa ny tenimiafinao, fanazavana momba ny kaontinao any amin'ny banky, na tsiambaratelo hafa.

### Milaza ny OCDE fa ny ampahatelon'ny ordinatera mampiasa Internet no misy mibaiko avy lavitra

Vitan'ny olon-dratsy hatramin'ny hoe ianao ihany no manimba ny ordinateranao. Mety ho tratrani'zany ianao raha manokatra zavatra toa tsy mampaninona ampiarahina amin'ny e-mail, na manindry rohy (*lien*) iray, na mandika programa maimaimpoana sy mametraka an'ilay izy ao amin'ny ordinateranao, na mampifandray ny ordinateranao amin'ny fitaovana misy virosy, na miditra ao amin'ny tranonkala mampiahiahy. Mety hampiditra programa manimba ao amin'ny ordinateranao ireo ary hahatonga an'ilay ordinatera ho azo baikoina avy lavitra.

Ahoana no hahalalana hoe misy virosy ny

\* Voalaza fa 45 000 mahery ny zavatra hitan'ny olon-dratsy fa mahatonga ny ordinatera ho mora idirana, tamin'ny 2011. Hara-raotiny izy ireny mba hampidirana programa manimba ao amin'ny ordinateran'olona nefá tsy fantatry ny tompony.

ordinateranao? Sarotsarotra ihany. Mety hia-dana be ny fiasan'ilay ordinatera na ny Internet. Mety hisy programa tsy handeha. Mety hisy hafatra hampirisika anao hametraka programma sasany. Mety ho hafahafa be koa ny fomba fiasan'ny ordinateranao. Asaivo jeren'ny teknisianina ny ordinateranao raha mitranga ny iray amin'ireo.

### Mandiniha tsara

Hihabetsaka ny fanafihana amin'ny Internet satria mitombo ny olona sy firenena

## ZAVA-NITRANGA VAO HAINGANA

**2003:** Niparitaka haingana be ny Slammer, izay karazana virosy miparitaka amin'ny alalan'ny Internet, ary nanimba ordinatera 75 000 eo ho eo tao anatin'ny folo minitra. Niadana be ny Internet, simba ny tranonkala maro, nikatso ny fitaovana mpamoaka vola, tsy nisy niasa ny faramanidina, ary simba ny ordinatera sy ny fiarovana tao amin'ny orinasa mpikirakira angovo niokleary iray.

**2007:** Imbetsaka i Estonia no nokendren'ny olon-dratsy mampiasa Internet ary nisy fiantraikany teo amin'ny fanjakana sy ny fampitam-baovao ary ny banky izany. Toy izao no fitrangan'ny ankamaroan'ireo fanafihana: Ordinatera iray tapitrisa mahery any amin'ny firenena 75 no baikoin'ireo olon-dratsy an-tsokosoko, ka ataony miara-mangataka fanazavana be loatra any amin'ireo ordinatera any Estonia.

**2010:** Tafiditra tao amin'ny ordinatera nampiasaina tao amin'ny orinasa mpikirkira angovo niokleary tany Iran ilay virosy mahery vaika atao hoe Stuxnet.



**Hamafiso tsara ny fiarovana'ny ordinateranao rehefa mampiasa Internet ianao**

miantehitra amin'ny ordinatera. Maro àry ny firenena miezaka mafy manao andrana isan-karazany satria tiany ho voaro kokoa ny tambazotra sy ordinatera ampiasainy. Hoy anefa i Steven Chabinsky, miasa ao amin'ny Birao Federaly Momba ny Famotorana (FBI), any Etazonia: "Ho tafiditra foana foana ny fahavaloo raha tapa-kevitra be, manam-potoana ampy tsara, misy mamatsy, ary tena te hiditra."

Inona no azonao atao rehefa mampiasa Internet? Marina fa tsy ho voaro tanteraka ianao nefà misy zavatra azonao atao ihany. (Je-reo ilay efajoro hoe "Mitandrema!") Hoy ny Baiboly: 'Ny malina mandinika ny diany.' (Ohabolana 14:15) Azo ampiharina tsara izany rehefa mampiasa Internet.

## MITANDREMA!

**1.** Asio programa fiarovana ny ordinateranao ary havaozy tsy tapaka ireo programma ireo.

**2.** Mieritrereta tsara alohan'ny hanokafana rohy na zavatra anaty e-mail na anaty hafatra tonga eo no ho eo, na dia avy amin'ny namanao aza. Mitandrema, indri-ndra raha maharay e-mail tsy nampoizinao ianao nefà angatahany ny mombamomba anao na ny tenimiafinao.

**3.** Aza mandika na manokatra programma tsy fanta-piaviana.

**4.** Ankoatra ny litera, dia asio tarehimarika sy endri-tsoratra hafa ny tenimiafinao ary ataovy valo, fara fahakeliny, ny fitambaran'izany. Mampiasà tenimiafinna samihafa ho an'ny kaonty tsirairay, ary ovoao matetika ny tenimiafinao.

**5.** Tranonkala voaro ihany no ampiasao rehefa hanao raharahan-barotra.\*

**6.** Aza mandefa fanazavana tsiambaratelo momba anao na momba ny kao-ntinao rehefa mampiasa tambazotra Wi-Fi tsy voaro, ohatra hoe any amin'ny toerana falehan'ny besinimaro.

**7.** Vonoy ny ordinateranao rehefa tsy ampiasaina.

**8.** Ataovy kopia foana ny rakitao ary ampirimo tsara izany.

\* Voaro ny pejy sokafanao raha misy hoe "<https://>" eo amin'ny adresiny ary misy sarina hidin-trano. Voaro no dikan'ilay "s" eo amin'ilay adresy.

## Miomana ho Amin'ny Loza Lehibe

Izao no lohatenin'ny lahatsoratra iray tao amin'ny *New York Times*: "Bokin-dalàna ho An'ny Fara Andron'i New York." Lazainy ao hoe misy bokim-panjakana na-voaka mba hanampiana ny mpitsara sy ny mpisolovava handamina an'izay olana mety hipoitra mifandray amin' ny lalàna, raha sanatria "misy asa fampihorohoroana, na fiparitahan'ny taratra, na fielezan'ny aretina na zavatra simika." Ny fikambanan'ny mpahay lalàna no namoaka an'io boky io. Hita ao ny lisitry ny lalàna mifandray amin'ny olana toy ny fanokanan-toerana, famindrana olona tambabe, fanaovana savahao tsy misy fahazoan-dalana, famonoana biby misy aretina, ary fampiatoana lalàna.

## Inona no ao Anaty Ondanao?

Milaza i Art Tucker, lehiben'ny mpahay siansa ao amin'ny Hopitaly St. Barts, any Londres fa mety ho "zavatra mahatsiravina be" no ao anatin'ny fonon'ondana madio. Miresaka ny voka-pikarohan'io mpahay siansa io ny gazety *The Times* ka milaza fa "bibikely mbola velona sy efa maty, taim-bibikely, hoditra maina, ary bakteria" ny ampahatelony mahery amin'ny ondana nampiasaina roa taona. Ny ondana no tena itoeran'ny mikraoba sy bibikely. Inona àry no azo atao? Hoy ny *Times*: 'Maina ny bibikely ary maty rehefa tratran'ny masoandro. Mbola miaro amin'ny bibikely àry ilay fanao hoe avoaka eny ivelany ny kidoro sy ny ondana mba ho azon-drivotra.' Tsy mahafaty an'ilay bibikely ny savony. Ho faty kosa izy ireo ary ho afaka ny ankamaroany, raha sasana amin'ny rano mahamay 60 degré mahery ny ondana.



**Navoaka tany New York ny lalàna mandrara ny fifohna sigara** eny amoron-drano-masina sy eny amin'ny zaridainam-panjakana ary eny amin'ny toerana be fivarotana. Ampandoavina lamandy 50 dolara isaky ny tratra izay mandika an'izany lalàna izany. Manantena ny fanjakana fa hanaja an'izany ny olona.—*THE WALL STREET JOURNAL, ETAZONIA*.

**"Mihabetsaka izao, any Inde, ny reny manala zaza raha vavy ilay izy, indri-indra raha manarakaraka ny vavimatoa."** Raha zazavy 906 isaky ny zazalahy 1000 no teraka tamin'ny 1990, teo amin'ireo fianakaviana efa manan-janaka vavimatoa, dia nidina ho 836 izany tamin'ny 2005.—*THE LANCET, GRANDE-BRETAGNE*.

Milaza ny Fikambanana Iraisam-pirenena Momba ny Fahasalamana fa "**mety hahavoan'ny kansera**" ilay karazana onja "toy ny avoakan'ny fitaovam-pifandraisana tsy misy tariby."—*FIKAMBANANA IRAISAM-PIRENENA MIKAROKA MOMBA NY KANSERA, FRANTSIA*.

**Fongotra ny pestan'omby ka nankalaza izany ny Firenena Mikambana.** Io no 'aretim-biby voalohany fongotra tanteraka noho ny ezaka nataon' ny olombelona. Io koa no aretina faharoa fongotra taorian'ny nedra mpahazo ny olombelona.'—*SAMPAN-DRAHARAHAN'NY FIRENENA MIKAMBANA MOMBA NY SAKAFO SY NY FAMBOLENA, ITALIA*.

## Inona no Tsy Ampy eo Amin'io Sary lo?

**Vakio ny 1 Tantara 16:1, 2, 4-10.** Jereo amin'izay ny sary. Inona no tsy ampy eo? Soraty eo ambandy ny valin-teninao ary ampifandraiso ireo teboka mba hamenoana ny sary. Lokoy ny sary avy eo.

1.....

2.....

3.....

- Any amin'ny pejy 14 ny valin'ny "NATAO HODINIHIN'NY MPIANAKAVY"

**IARAHA-MIDINKA:** Tian'i Jehovah Andriamana-nitra ve raha mampiasa hira sy mozika isika rehefa manompo azy? Nahoana? Vakio ny 2 Tantara 5:13, 14; Efesianina 5:19. Mahafantatra tantara hafa ao amin'ny Baiboly ve ianao, ahitana hoe nampiasaina tamin'ny fanompoana an'i Jehovah ny hira? Vakio ny Eksodosy 15:1-20; Marka 14:26; Asan'ny Apostoly 16:25. Inona no tokony hoeritreretinao mba hahatonga anao hi-hira ho an'i Jehovah, na dia saro-kenatra aza ianao na mieritreritra hoe mahay mihira kokoa noho ianao ny olon-kafa? Vakio ny Salamo 33:1-3.

**ATAON'NY MPIANAKAVY:** Asaivo mifidy an'izay hira tiany ny tsirairay. Iaraho mianatra ireo hira, mandra-pahaizanareo azy.



Raha te hanao pirinty an'ireo  
"Natao Hodinihin'ny Mpianakavy"  
ianaо, dia jereo ireo Mifohaza! ao  
amin'ny [www.jw.org](http://www.jw.org)

# Angony ary lanaro

Hetezo, aforeto, ary tehirizo



## JONA

KARATRA  
ARA-BAJBOLY

17



### FANONTANIANA

- A.** Nirahina hitory tany \_\_\_\_ i Jona. Nisy mponina \_\_\_\_ mahery tany.
- B.** Nandositra i Jona tamin'ny voalohany fa tsy nety nankany amin'ny toerana nanendrena azy. Sahy nanao inona anefa izy mba hamonjena ny olon-kafa?
- D.** Fenoy ny banga: "Lasa tao an-kibon'ilay trondro i Jona, ..."



## JONA

**MOMBA AZY** Mpaminanin'i Jehovah tamin'ny fotoana nanjakan'i Jeroboama II izy. (2 Mpanjaka 14:23-25) Nampianarin'i Jehovah izy mba hihevitra an'izay ilain'ny hafa fa tsy hifantoka loatra amin' ny tenany. (Jona 4:6-11) Hita avy amin' ny tantaran'i Jona fa tena manam-paharetana sy be famindram-po i Jehovah ary tsara fanahy amin'ny olombelona mpanota.

### VALINY

- A.** Ninive, 120 000.—Jona 1:1, 2; 4:11.
- B.** Nasainy nanipy azy tao an-dranomasina ireo tantsambo, mba hampitony ny ranomasina.—Jona 1:3, 9-16.
- D.** "... telo andro sy telo alina."—Jona 1:17.

## Olona sy Tany

4. Melissa sy Edilo no anaranay, 9 taona sy 7 taona izahay, ary mipetraka aty Cuba. Firy eo ho eo ny Vavolobelon'i Jehovah aty Cuba: 51 000, sa 91 000, sa 131 000?
5. Aiza amin'ireo teboka ireo no mampiseho ny aty aminay? Ataovy anaty boribory izany. Asio teboka eo amin'izay misy anao, ary jereo ny elanelan'ny misy anao sy Cuba.

## Ho An'ny Ankizy

Tadiavo ato amin'ity gazety ity ireo sary ireo. Lazao amin'ny fomba fiteninao izay mitranga eo amin'ny sary tsirairay.



Mifohaza! Mey 2012

31

# 'Tsy hitamberina ao am-po intsony ny zavatra taloha'

Nolazain'ny Mpamorona ny zavatra hataony tsy ho ela. Hoy izy:

**"Hamorona lanitra vaovao sy tany vaovao aho.  
Dia tsy hotsarovana intsony, na hitamberina ao  
am-po, ny zavatra taloha."—ISAIA 65:17.**

Inona ireo "zavatra taloha" izay 'tsy hitamberina ao am-po intsony'? Ny tsy rariny, aretina, fijaliana ary ny loza hafa mampahory ny olombelona, raha araka ny teny manodidina. Ahoana no hanafoanana an'ireo? Amin'ny alalan'ny "lanitra vaovao sy tany vaovao" nambara mialoha.



Hanazava ny hevit'reeo teny ireo ilay lahateny ho an'ny besinimaro hoe 'Tsy Hitamberina ao Am-po Intsony ny Zavatra Taloha.' Handre izany ianao any amin'ny Fivoriamben'ny Vondrom-parity ny Vavolombe-lon'i Jehovah hoe "Arovy ny Fonao!" Hatao manerantany izy io, ary amin'ny Jolay no hanomboka ny eto Madagasikara.

Faly izahay manasa anao hanatrika ny fivoriambe akaiky anao. Anontanio amin'ny Vavolombelon'i Jehovah eny akaikinareo ny mombamomba an'izany, na manorata amin'ny mpampamanonta an'ity gazety ity. Hita ao amin'ny [www.jw.org](http://www.jw.org) ny lisitry ny toerana hanaovana an'ilay fivoriambe.